

[Accueil](#)[Revenir à l'accueil](#)[Collection](#)[Manuscrits de Jean-Joseph Rabearivelo](#)[Collection](#)[Le critique](#)[Collection](#)[Cœur et ciel d'Iarive](#)[Collection](#)[Ilôts de poésie dans la mer des indes](#)[Item](#)[Ilôts de poésie dans la mer des Indes \(suite\) \[Rv\]](#)

## Ilôts de poésie dans la mer des Indes (suite) [Rv]

**Auteur(s) : Rabearivelo, Jean-Joseph**

### Les folios

En passant la souris sur une vignette, le titre de l'image apparaît.

1 Fichier(s)

### Citer cette page

Rabearivelo, Jean-Joseph, Ilôts de poésie dans la mer des Indes (suite) [Rv], 1932-06-29

Claire Riffard, équipe francophone, Institut des textes et manuscrits modernes (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle)

Consulté le 09/08/2025 sur la plate-forme EMAN : <https://eman-archives.org/francophone/items/show/1705>

### Description & analyse

Éditeur(s) de la fiche Jar Luce, Xavier (14-09-2015)

### Informations générales

Langue Français  
Cote

- NUM ETU REV FB Ilots
- RV.FBIL

Nature du document Revue  
État général du document Bon  
Localisation du document BNF (CR)

### Présentation

Date [1932-06-29](#)  
Genre Presse (Article rédigé par l'auteur)  
Mentions légales Fiche : équipe Manuscrits francophones, ITEM (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle). Licence Creative Commons Attribution - Partage à l'Identique 3.0 (CC BY-SA 3.0 FR)

Éditeur de la fiche Claire Riffard, équipe francophone, Institut des textes et manuscrits modernes (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle)

Notice créée par [Richard Walter](#) Notice créée le 16/12/2014 Dernière modification le 01/09/2022

---

29/06/32

Mihambo harena

Nalaza ho mpanankarena teo amin' ny mipiara-monina tamin' Randriambe- lo mivady. Tsy nisy nanisa izay tany am-batany tsy akory, fa sady tomy tombe- maso izao ihany. Ny harena mao toy ny voasary k' azy hita basina raha tsy voasana. Voninahitra natolotra azy anefa io ka dia nataony ampiti-mamba, fa mana akory, hono, tsy mihotra noho izany.

Vavy tokana ny zanak' izy mivady, ka raha tokony ho nisandrakaka tany- jaza-marano ny fitiavan' anaka tao aminy, dia voatery ho nifatrana tao amin-d-Rakalakeky irery; hana ka zary toy ny fofon' ampilibe, manitra ihany fa mahamonamonaina.

Niverjira tao an-dohan-d-Ramatoa Ramarosoa indray izany nilalao saribakoly fahiny, saingy saribakoly velona no solon' izany ankehitriny.

Nidera tona ho tsara vintana izy mivady, satria ny lazankarena tsy lefy, fa ny vola voamena midon-ko ariary, ka na ny akon' izay fotsiny aza, hono, dia ho fandri-kibobo mahavoa akanga, ka dia aza antoka fa hifanosika ny mpandom-baravarana, fa dia izy hana aza sisy no misafidy izay haupandrosina.

Toy ny violety eo antsim-boly Ra-soamarovelo, fa izany no anaran-drazazavavy, ka nahasintona ny maso fa sady manitra no tsara endrika, koa tsy ela dia tojo ny izany.

Dia naroso ny raharaha satria tsy nisy antony lokony-hisakana azy intsony. Mba toy ny fanambadian' ny olona rehetra ihany, ka niandoha teo amin' ny vodiondry, nandroso tamin' ny fisora- tana teo amin' ny fanjakana ary ni- fanara tamin' ny mariazy tao am- piangonana.

Teo amin' ny fanoloran' ny andaniny ny vodiondry, hoy ny mpanatrika, dia namongatra ny lazankarena Ran- driambe koa niteny toy izao :

Amin' izao fitsongaombolo etanarona- mianakavy anay izao, tontoko, ka avy manaitra ny hajambolana hianareo, dia mahatsiaro ho toy ny akohokely voatsipy fotsimariy ihazay, ary saha- la amin' ny kibobo hodidim-palala, ka revon-kafalina fa andron' Ikalato- koa araka dia andro iray toa arivo- koa araka izao maha-vazaha ny tany izao, dia hataontsika indray mandry ny an' ny razana sy ny an' ankehitriny; ka dia izao kosa ary ny doatin-janakay: Lelavola roa arivo, tranobe ary Anta- nanarivo, ary ny fanaka hoentiny miton- katrano. Indray niangina tsy nomena bai- ko ny tanana rehetra, ka nirofodro- fra ny telaka, toy ny kotroka- nigodona ren' ny lavitra, dia nampishe ny landindon' ny tao am-po nihabotakoty ny hafalina sy ny hagagana.

Vita ary ny fanambadian-d-Rasoam- rovelo vavy tokan' ny mpauana. Nefa dia nifarana teo' koa ny tomba-mason' ny haren-dRandriambe, fa voarasa ny vorona ka hita ny atiny.

Hay ka kabary tsara mitsangana sy vava tsara mihahatra fotsiny ireo tenin- d-Randriambe teo amin' ny fanolorana vodiondry; toy ny anjavidy, tazana toa voany, nefa noho hatonina toa ravina ihany. Ny lany tamin' ny fanpa- karana aza, dia ireto ankizy no nian- draikitra azy rehetra fa tsy nahavano- ny ny hanaisikera ny hajun-dray am- pandreny; fa na akofa aza, dia tsy zanak' ny critreitra ny hanifika azy amin' ny hiany.

Tandremo ihany lahy ny mihambo harena i

ANDRIAMANANKASSETRA S.L.F.

aho nahatsara ny fihavananareo !  
— Fa raha izay eso sy latsa na fa- nalikana founa, hoy Ramanalina, dia aza ahoana fa odio tsy ireny. Aza atao metsy mamphory na mampalahelo kely akory izay izany !  
— Eny, hoy Ramelirivo, noho hianareo mivady efa nataoko ho toy ny andahy sy rahavavy, sy noho ny mho- la fitiavako an-dRakoto, dia hody ihany aho. Eny, noho ilay tiako sy mamiko dia ekeko hatoo sorona ny tenako.

Raha n.hola teo am-pikenonkenonana ny lody Ramelirivo, dia tonga kosa Rakoto, ka indreny izy roa fa nilai- aka mora hoatry ny ndeha hiditra any am-paradisaa.

IX Ny tranomaizina

FANDEVENANA

(Iohiny)  
Eo ambavahady andrefan' Andoha- lo no fihanan-dalana enina — efa voa- kalamina amin' ny vato malambo tsy miav manafitohina na tatatra bandavo izay mianjanjo tsimandanganina intsony. Io lempona avaratry ny Eglizy Kato- lika, dia Amparihimaimbo, fa dobo nisy rano matsaso teo. Teo no fisotro- ana vokaka na fivelezandro (fiozonana): milefodombv eo ny vahoaka raha misv' mpanjaka vao asandratra. Eo koa no fanasaziana ny Dimanjatolahv m- pinahina izay tsy nahavita ny raharaha- ny: alona eo anaty rano eo vao mara- dina mangatsiaka iny. Mba tsy marary ihany !

Teo andrefan' ny dobo nisy fantsakana natao hoe: Andranomatsaso. — Tena- masirasira, ny rano ka tsy mandro- tra akory ny varv raha andrahoua aminy. Nihafiana ihany io rano io fa tsy misy hanovana...

Fa mitodika amin' ny lalana indray isika.

Nanahoana ilay nataon-dRanilalana tao Avara-drovavao sombiny kely iny no vita ka nataony hoe: Mampireza » sady lazainy ho mahamenatra, ny manitsak azy noho ny filamindany. Diso ito- ny ankehitriny lahv Ramatoa Rati- an-jerena sy Andriamatoa Randrian- sarabika.

Endrey ity arabe avy eo Ambohija- tovo mankamin' ny Rue Gallieni hatra- ny Soarano ka vita vato voapaika malambo madinika hoatry ny biriky voarafitra ho sarendry, hoatra ny ma- rikiteria. Nefa ny vola lany amin' izy ireny hono dia lasiroa ka hatramin' ny irainbilanja isambato. Tahaka izan- ny ny toetra sy endrik' izy rehetra ire- ny. Tsy ajanona amin' ny hoe, efa vi- ta, fa amboarina isan' andro mihiratra na dia roa aman-telo aza no mikitoan- toana.

Fa mba atopazy kely indray ny ma- son' ny eritreritry ny lavitra hijery an' Analakely sy ny arabe migodana. Ireny arabe mitolo vato madinika voaporesy malambo hoatra ny rindri- na vita lohoy, nefa tsy vitan' izany ihany, fa nohosorana varinesy loko mainty ny tampon' arabe midadasika.

Analakely vita sima malambo voa- zarazara arivo maro ho an' ny mipava- rotra isan-karazany. Ary tsy vita fo- tsiny amin' izay, fa ity tsena sasana iky no mahazendana: Afofany ny rano miparasaka, dia avy ry zalahy miton- dra borosy lava taho mandrangotra mamafa azy dia asiandrano, borosina imelo toy izany vao avela. Fa na ny eny avarapatan' ny tranon' ny susany aza tsy voasasa na voafafa hoatra izany.

Fa avadika ny tafa, avadika ny taria: Ily loharano mihoboka elo an-tsenda indray no mahatafajana: Vita rarivato voapaika tsara tsangambato eo ampo- voany, ary dobo kely manodidina. Ka ny rano mangarangana mifatsitsira amin' ny lafiny efatra. Ary rano mika- rarana efitra indray avy amin' ny dobo isoloan' izay rehetra mangalaheta na dia anusan-tanana na loha na zavatra. Aiza izany Rafotsibe mpanakalo rano eran' ny tsena taloha efa nifanotofan' ny olona. Ka nahatonga fitenenana hoe: « Efa zinga an-tsenda » milaza ny mam- pifangaroharo ny ratsy sy ny tsara — fa mifangaroharo amin' ny zinga iray avy avokoa ny vava maloto sy madio eran' ny tsena. Hoy koa ny fitenenana. « Ra- fotsibe trat'orana ka enjelin' ny va- rotra ataony ».

(Mbola hitohy)

Inyahy Rainitoro

fanalikana tahaky ny boto tsy maha- vita ny fanapoany.

Tsy nampiraka an-dRamelirivo da- holo anefa izany, fa nataony sahala amin' ny rano miraraka eo an-damo- sin' ny vorombazaha. Izany toetra- d-Ramelirivo tsy miraikia izany, dia vao mianka koa namporisika ilay ra- fozam-havin' tsy misoron-doza hampiasa izao karezam-pahoriana tsy an- ononana rehetra izao ho enti-mampah- ory ilav bibilava tsy nianan-tanaka- malv na tongotra hitsipaka.

Nandefitra mafy mihitsy Rameliri- vo, ary efa nididindika tsy niresa-dre- saka tamin-dRakoto izy ny amin' izay lokony hitokanany tranon mba tsy his- ian' ny zavatra hafa, nefa tsy ninoan- dRakoto ho reniny no nahavita zavatra hafa intsony, noho ny fihatsaran-

TANY FANDEVENANA

Eo amin' ny toerana tsy no hamoahany ny artikla tsy ny mpanatrika harena na dia tsy mihovy amin' ny bevitry aza.

Ary ity kosa, aza fady, tsy fanebaha- na,—sanatria fa fampahatsiarovana: Ny tany fandevenanareo, ao Ambato-Boina tontoko, dia ao anaty bozaka belotra. Raha tsy diso ny fjerinay vahiny, dia toa tsy mbola nodiovina hatrizay na- hana-tany fandevenana azy io anareo io. Tena ao anaty korofotra be mihitsy. Ary hatramin' ny lalana mankao avy no azo ilaharan' olon-droa akory. Izany no ilanjana faly !

Teo am-pandevenana, dia nisy ihany ritodritsoka renay: velon-larina noho izany tsy fikarakarana izany. No- harraraitany izany hanontaniana izay fahony. « Oh! hoy ilay amboalambo lahy izay, to-bolo, zarazara hoditra, kely rary, sondrisondry endrika: « raha dioovina ity, ka sorohana ho arabe ny lalana manketo, dia mandevina no ho raharahan' Ambato. »

Marina ve fa izany no tsy nanadiova- na ny tany fandevenana Ambato? Mbo- la nisy Merina mino ihany fa misari- ka mihotra noho izay fomba fisarin' isan' andro ny fasana raha toa ambo- amboarina ny lalana mankany aminy ?

Androm-pandrosoana ankehitriny; an- dro ny fahazavana. Ary na amin' ny ara-tsaina fotsiny aza, alon' izay ma- zava saina ahoana no hety ho tsin- drian' izany finoanoam-poana izany ? Indrindra, any am-pivahinianana any, saiky tsy misy mihitsy Merina izay tsy mipavaka kristiana. Koa raha ny fa- hazavana-saina ampian' ny fanahy kristi- ana no mbola m-refarefa ao amin' ny abidim-pianarana ihany, dia filemor- a-mahamenatra izany.

Malagasy aho, ary mahalala tsara ny filempy no' ny malagasy eo anatrehan' ny maty. Fehizay ny fitiavana sy ny fanaj- antsika ny maty dia niharo fivavaha- na. Izany hoe: tsy vitan' ny nohajaina ny maty, fa nivavahana mihitsy koa. Sanatria, tsy mitady hamelona indray iny fahadisoana iny ao amin' ny fomb- antsika aho, fa maniry kosa hitana azy araky ny ilany marina mifanendri- ka amin' izao androm-pandrosoana izao. Tsy mivavaka amin' ny maty intsony isika, nefa koa fady mihity ny manosi hosy azy. Manaja azy isika fa tsy mi- vavaka; tia fa tsy manamavo. Anisan' ny fanajantsika ireo havantsika efa no- dimandry ny fanamboarantsika ny tany sy ny fusana ialan' ny taolany sasatra.

Tsy lavaka mainty mahalahotra ny fasana fa toerana fodiaina. Arv na dia ranomaso aza no fanalerana ny hana- na eo, ny fanamboarana ny tany sy ny fasana aoriany dia kofehim-panantena- na kely anankirav siza tsy tapaka: tsy matv ilav azy, fa matory.

Raha tahaka ahy, dia tsy misy tsy teliko tahaka izao: « ilav malala, ma- tory irery anv amin' ny tanim-pivahinia- na saronan' ny ahitra sv ny fako. »

« Tsy mitarika antsika hanao lany fan- dovana toy ny zaridaina aho sy ha- noho fasana-tsara tarehy be renty, afa- tsy raha ampny ny vola ho enti-mana- na izay, ka tsy ampifamadihina ny rana: ny fasana andaniana arivo fana- tsina, ny velona mihafy amin' ny pala- loha rovitra.

Ny fahadiovana — ny fahadiovana fotsiny — takatry ny be sy ny maro no tsiko mba hananan' ny tany fandevenan- tsika. Fahadiovana tsy hahalatsa-danja antsika eo anatrehan' ny vahiny maro m- ara-mitoeira amin-tsika.

ILAY NANDALO TANY AMBATO

nasa lamba Ramatoa Ramavo, ka tsy ho tonga raha tsy efa tolak' andro anv.

Ramelirivo irery sisa tamin' izay no tao an-trano, fa Rabako mivady mpa- fosa tao an' elitra ambony koa dia tsy mandry tao hatry ny rahalaha, fa nandeha nitsabo ny zanak' anabavin-dralahi- lahy.

Nangina Ramelirivo, ka ny hirahira no entliny nandroaka, ny Ehauginany Henoy angoka izany tonony:

O, ry loko, mihira sy mihobia, Miravao lafandava, mifalia; Nefa kosa

Miezaha isan' andro mba hadio, Zava-tsoa amin' izany, ka irio ho tomosa !

Tsitipitipit' izay dia injany nisy olo- na nidodododo niakatra. Taitra Ramo-

Notes de poésie dans la mer des Indes

(Suite)  
On a depuis longtemps oublié cette vérité première: la naissance du discours chez les uns, l'amplification de la période chez les autres, et, chez tous, pour tout dire, la civilisation de l'expression qui ne va jamais sans créer des contraintes — ce besoin de raffinement a partout précipité, en même temps que la nouure, la mort de la fleur.

« Et nous voici projeté d'emblée dans la stérile discussion qui consiste à dire ce qu'on devrait aimer le plus: ou de la beauté pure et du parfum simple d'une hampe florale, ou de la saveur matérielle et du galbe palpable d'un fruit pulpeux. Nous répondons résolument que Poésie égale gratuité dans la jouissance. Pour risquer une définition à laquelle nous ne souhaitons pourtant aucune fortune, disons même quelle est la coopté de s'émouvoir.

C'est pour quoi nous n'hésitons pas à préférer ce quatrain tout nu: « Si le bœuf sacré a été abattu, c'est pour le festin de la Reine; et si j'ai trebuché en chemin, moi le fort, c'est pour être le jeu de vos regards.

à toute l'imagerie éblatante du morceau suivant qui n'est pourtant pas dénué de qualités: Le dindonneau: — Apercez-moi des insectes, mon père.

Le dindon: — Si je denais tout fouiller, ce serait plutôt pour retrouver mon sachet de coraux rouges.

— Que fait ici M. le dindon ? — Je m'abrute du vent, seigneur. — M. le dindon se pare de coraux rouges.

— Je les ai achetés 10 piastres, seigneur. — M. le dindon est morveux. — Je suis enrhumé, seigneur.

— M. le dindou bat la grosse caisse. — Je suis à mes noces, seigneur. — M. le dindon est trop lourd. — J'ai trafiqué dans un pays lointain, seigneur.

Mais, à vrai dire, la poésie hova ne s'est totalement occidentalise que bien plus tard: depuis l'établissement définitif des missionnaires anglais. Dans le district protestant d'Ivory (à mi-chemin entre la capitale et la pointe australe de la Grande Ile) après les leçons bibliques et la pédagogie évangélique, les Révérends donnaient journellement des rudiments de versification aux futurs pasteurs indigènes.

(à suivre)

Izay te-hividy io nomerao io bahitany ny lahany manontolo momba ny aty amin' ny Oseana Indiana rehetra tsy ny tononkira nofidin' ny Présidà eho tao amin' ireo Nosy telo aty, dia mahazo manatona na mandefa 1175. ao amin' Ny Avana Ramanantoanina, Rue Gallieni-Ambondrona; E.-B. Ra- laingoson, Rue Amiral-Pierre na amin' i J.-J. Rabarivelo, Antananarivina.

ANTANANARIVO-MPANAJITRA

ANTANANARIVO-MPANAJITRA

ANTANANARIVO-MPANAJITRA

toaka aho, tontoko !

— Aseohy, ry ity a ! Sady naronjon- drojony eran' ny tranon Ramelirivo. — Tsy nahita izay naka azy tokoa aho tontoko !

— Irena irery no lato an-trano, ka ite- na ihany no naka azy, fa mody Reniketo eo ! Hankaiza founa eo izy ? Angaha mi- sy tongotra handeha iny ?

Tsy niteny intsony Ramelirivo, fa ny nikaroka ny milina eran' ny tranon no nataony.

Nanamapatra ny haterazany noforona sv ny tsy fitiavany kosa Ramatoa Ramavo, ka niantsoanto polisy, fa misy mpangalatra, hono, ao an-trano.

Vorv ny vahoaka nahare ny mpanga- latra, arv tonga koa ny polisy ka dia indro fa nalikaina sy nalam-baraka teo

ANTANANARIVO-MPANAJITRA

ANTANANARIVO-MPANAJITRA